
*Sahanasa mifandray amin'ny*

# Avia, hanaraka Ahy

***Ho an'ny takarivan'ny mpianakavy na fandalinana ny soratra masina — na atao fialam-boly fotsiny!***



1–7 jolay

## Asa tanana momba ny drafitry ny fahasambarana

**HO AN'NY ALMÀ 17–22**

Samy nampianatra momba ny drafitry ny Ray any An-danitra ho an'ny fahasambarana i Aharôna sy i Amôna. Nantsoin'izy ireo hoe drafitry ny fanavotana izany (jereo ny Almà 18:36–39 sy ny Almà 22). Mankanesa any amin'ny pejy 12 mba hanamboaranao ny asa tanana momba ny drafitry ny fahasambarana anao manokana.

**Ho an'ny ankizy kely:** Mitadiava ny sarinao tamin'ny mbola zazakely. Mariho ireo fomba nitomboana hatramin'ny naha zazakely anao. Avy eo dia resaho ny fomba mahatonga ny fivoarantsika ety an-tany ho tafiditra ao anatin'ny drafitry ny Ray.



8–14 jolay

## Fitaovana eny an-tananan' Andriamanitra

**MIFANDRAY AMIN'NY ALMÀ 23–29**

Nilaza toy izao tamin'ireo rahalahany i Amôna: "Fitaovana teo an-tànan' Andriamanitra mba hanatanteraka ity asa lehibe ity" (Almà 26:3). Manangòna zavatra azonao ampiasaina mba hanaovana feon-kira. Avy eo dia mamorona gadon-kira sy hira. Tahaka ny ampiasantsika ireo fitaovana ireo hanamboarana feon-kira no ahafahan' Andriamanitra mampiasa antsika mba hanampy amin'ny fananganana ny Fiangonan'i Jesoa Kristy.

**Ho an'ny ankizy kely:** Manamboara lalana feno sakana tsotsotra. Manazara tena mamakivaky izany! Esory avy eo ireo sakana ka andramo indray. Hazavao ny fomba nanesoran'ny Mpanjaka Lamanita ireo sakana nisy rehefa naniry ny hampianatra ny filazantsara teo amin'ny taniny i Amôna sy ireo rahalahiny (Almà 23:3).

15–21 jolay

## Mozika mampatsiahy anao haka seza

**HO AN'NY ALMÀ 30–31**

Nampianatra i Almà fa "ny zava-drehetra dia maneho fa misy Andriamanitra" (Almà 30:44). Midika izany fa afaka mampatsiahy antsika an' Andriamanitra ny zava-drehetra noforoniny. Ataovy boribory ny fipetraky ny seza ka ataovy ampy tsara ipetrahan'ny rehetra ankoatra ny olona iray izany. Ataovy mandefa feon-kira ny olona iray ka izy no misafidy ny fanajanonana izany. Rehefa tapitra ny feon-kira dia mandeha mipetraka ny olon-kafa rehetra. Ny olona iray izay tsy nahazo seza dia mizara zavatra iray mampatsiahy azy an' Andriamanitra. Tohizo hatrany mandra-pahafahan'ny olon-drehetra mandray anjara.

**Ho an'ny ankizy kely:** Mandehana manerana ny tranonareo na any ivelany. Mitadiava zavatra izay manampy anao hahatsapa ho sambatra sy mampatsiahy anao ny Ray any An-danitra.





SARY NATAON'I KATY DOCKRILL

22–28 jolay

## Mampitombo ny fijoroana ho vavolombelona ananao

**HO AN'NY ALMÀ 32–35**

Nampianatra i Almà fa rehefa mihaino ny tenin' Andriamanitra isika ary manao zavatra mba hanehoana finoana dia hitombo toy ny hazo ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika (jereo ny Almà 32:37). Ataovy sary ny zavatra azonao hatao mba hanampiana hazo iray mba hitombo; toy ny hoe manome rano sy tara-masoandro azy. Ataovy sary avy eo ireo zavatra azonao hatao mba hanampiana ny fijoroana ho vavolombelona ananao mba hitombo; toy ny hoe mandeha miangona sy mivavaka.

**Ho an'ny ankizy kely:** Hirao ny "Finoana" (*Bokin-kiran'ny ankizy,* 50). Ataovy eo am-pihiranao ny fihetsika mampiseho voa iray mitombo lasa lehibe sady lava. Miresaha momba ny fampitomboana ny fijoroana ho vavolombelona ananao.